# MIHINA TSARA SALAMA TSARA



Nañano sary : NINO

Jardins du Monde

Jardins du Monde

# MIHINA TSARA SALAMA TSARA

Lahatsoratra nisoratan'ny ekipan'ny
Jardins du Monde Madagascar
Nañano sary : Nino sy Rafally


Olo araiky salama tsara, olo mahay mandanjalanja ndraiky mihinaña haniñy mahasalama,'zay tsirin-kevitry navian'ny gazety boky an-tsary 'ty « mihina tsara, salama tsara ».

Misy tantara niforöñon'ny ekipy ny jardin du monde, natao an-tsary mba ho mora añintanaña olo jiaby,'ndrindra irö añy ambanivolo, tanjoño ny mba tökotro hihinantsika haniñy ara-pahasalamaña, karaha irö tsaiky madiniky ndraiky mañangy mavesatra. añisan'ny lohahevitry voakoraña ato irö fahazaran-dratsy amy fihinanaña haniñy misy akora simiky mandilatra ny tökony ho izy (paty amy sase 'zay tsisy otrikaiñy ilain'ny vataña, na haniñy mamy loatra , ao koa ny mety ho voka-dratsy indesin'ny katy)

Tokony mañatoño mpitsabo na olo voatökana amin'ny zeñy ny viavy mitöndra hivaña mandritran'ny fotoaña mampavësatra izy mba ahafahaña mañara-maso fitombösan'ny tsaiky añaty kibo ao ndraiky toe-pahasalamaña-nazy reniny. Mahazo antombony amy resaka fitsaboaña ny viavy mavësatra fôtony misy fikarakaraña bôjo amian'ny lôpitaly iro : karaha ery vaksiny ndraiky fañamezaña lay misy aody môko reñy.

Mbala mahazo karazaña torohevitry maro koa izy amy rësaka fitondraña kibo firaka izy tëraka, amiaña torohevitry mikasiky fömba fihinanan'ny zanany manomboko izy vo tëraka firaka izy tsöta fanjava, aviô fañampin-tsakafon'ny tsaiky io manomboko izy tsöta fanjava, mahazo antombony zay mañamia nono tsisy fangarony hoan'ny zanany firaka izy tsöta fanjava.

Tsaratsara aby e!





MBOLATSARA HAVAKO OH !!
!?
FA NODY MA ? NAÑAKÕRY MA ASA TAO NIANY ?
NANJARY IZY NIANY E E E, NAHAZO MENAHE-LIKY, MAHALOKY MARO MAVENTY, HITANAO IO ?
AH, NISY ANJARA ANAO, NAHATSARA IRÔ BAKA TSY NISY HENJY NDRAIKY SARIDINY SY NY TARINY. MISY POIZIÑY BAKA IRÕ IÑY AMY LERA ZIÕ.
NISINISY SARIDINY EDŶ NAZOKO TATO 'ZAY FA NARIAKO TAÑY JIABY
FA METY EDŶ NY NATAONAO ZEÑY


ZA MATOKY FA TSY ËLA LOATRA TORONAKAHY KOA FA LERA MANDEHA MANDAFO VOKATRA AN-TANAÑA AÑY AI! 'NDESIKO IRÖ LEGIMO ABY IO, AÑANA! MADAMO RÖZY 'ZAY KOA MBA LAFOLAFO VIDINY AVY AÑY! MBA BEBE EKỸ LAMONE MIMPODY BAKA AÑY E!
PARE ZEÑY ZALAHY! ZAHO FA TIÖ AI, MAZOTOA ANAO !
MERSY, SADY MAHALAFOSA BE.
KOA LAFO JIABY TY NIANY, MBA AFAKA MIVIDY LAMBA MAROMARO HOANDRÔ TSAIKY ABY IO NIANY SADY MIVIDY MEBLA HOAN'I MADAMO.
KARIBO , KARIBO !!
EPICERIE
MAROJOBY
- BAR -
MALAZA
LABIERA GLACE - TSAKY
à Vendre ici
-Gel hydro alcolique
-Cache bouche
-Eau du javel.
ici
Pates à 3Mn
instantanés
ici
toutes
L'epices




KHAT
42°
HIC..
HIC...
ÖDYY,
ODEE !!
TOK
TOC
AH RY TSAIKY,
BISKOINARÔ.
VOLAÑA
MAMANARÖ MAN-
DOKŸ LASOPY
PATY TY HOE !!
NAVY PAPA EE.
AVIA MIZAHA
RAHA
NANDESINY.
IO FO ?
PRESTO


FA PAPA KOA E, IO ! MAÑANO FAHAZARAN-DRATSINANY
MISY NINO MA ATO RY TSAIKY ?
PAPA EFA NAGNANO FA-HAZARAN-DRATSINANY KOA.
PARE KOA !!, ZAHO HEMPAKEEE. TSISY RAHA MISY AMINTSIKA ATO, TSY VARY, TSY KABAKA, TSISY.
TSY MBA HITANAO TSAIKY ABY IO MAHAY MAHIA FO ?
ISAKA ANAO BOAKA MIVAROTRO LAOKO TSARY MBA MISY RAHA MAHAFAKA TAMBAÑA INDESINAO, HAMO FO !!!
PRESTO
42°



NINO MA RAHA NAHAZO ANARÔ TY ? ALOKISA EDY LASOPY IO BIAKA IHINANAGNA . ZAHO MOSARY.
HITANAO PAPA, MPAMPIANATRANAY NIVOLAÑA FA MILA MIHINAÑA HANIÑY MIOVAOVA, VOALANJALANJA KOA ! NINTSIKA ATO MATETIKY PATY FO. TSY MAHASALAMA ZEÑY !
IA, NIHINAY KOA NIVOLAGNA ZEGNY.
FA TSY DIA HAIKO LOATRA NINO RAHA ZEGNY.
AZAVA AMINAY EDY NINO ZEGNY ZANAKO ABY.
RAMOSE TAMINAY TAO NAGNABOAKA SARY SAKAFO MAROMARO VOASOKAJY AGNATY KOLERA TELO ZAY
IA, ERỸ LEGIMO, AÑANA ZEÑY ZIO MISY KOLERA MAÎTSO ! KARAHA IRÕ VOANKAZO NDRAIKY MISY MENA KOA, MISY KOA IRÕ KOLERA MAVO ! TSARA ZEÑY KOA MIFAMENO KARAHA ZEÑY RAHA OHANIÑY ISAN'ANDRA, ARAIKY NA AROE AMINDRÕ ZEÑY FA TSARA HOAN'NY FAHASALAMAÑA.


AZA MAÑANTOMBO RAHA EDŸ ANARÕ RY TSAIKY E ! ISAKA MIHINA ANARÕ TSARY TSY FENO MILON-GOLONGO KAPILANARÕ
MARIÑY ZEÑY FA KALITE BAKA TSY AO FEKY PAPA
JARDIN DU MONDE NANDALO TAMINTSIKA TETO IÑY KOA NAÑAMAFY RAHA ZEÑY, NAÑENTAÑA ANTSIKA ABY IRÕ ZISAKA TAMY FIOFAÑANA TAO. TSY VOATERY ATAO MARO BE KARAHA BONGO KOA FA MIHINA, MBA ATAO TSARA KOA KALITENY, AÑATIN'IZEÑY MILA MAZOTO MIGIAKA RANO TSARA.
IA EE, INO AMIZAY NY TIANARÔ HATAOKO ?
AZA ALAFO LAOKO JIABY AZONAO PAPA.
INOO ? INO RAHA VOLAGNINAO È ?
IA, ALOHANY ANAO ANDAFO LAOKO AÑAMBILA ANJARA TOKONY AH-ANINTSIKA ANTSENDRIKY ANTRAÑO. KARAHA ZEÑY KOA AMINDRÕ VOROÑÕ ABY IO. TSARA KOA MBA MIHINA IRÕ RAHA ZEÑY MATETIKY ANTSIKA, VOKY TSARA AMIZEÑY.
MARIÑY NINARÕ ZEÑY. MANAÑA ANJARA ZAHO MANAÑA ZANAKA MAHAY RAHA KARAHA ANARÕ IO. ASA MBA AZON'I MAMANARÕ HONOÑO EDŸ RAHA JIABY NIVOLAÑINARÕ TIÕ IÑY ?


OMOAAAA !! AZA MIASA LOHA ANAO. REÑIKO JIABY IÑY. KOA VITA KORAÑANARÖ ZAHO ANDEHA HITALY AMY MBÖTY AÑY. ALOKISANARÖ LASOPIN'I PAPANARÖ ZEÑY AI, ZAHO ANDEHA AMY JIRANINAKAHY AÑY.
IA MAMA, OHANIKO ANJARANAO ANAO KOA ELA AVY.
ZAHO TSY ELA
ZAHO NDRAIKY ANDEHA AM-BODI-MANGA ARŸ ANGALA TSITSIKO.
2022
KOA FA NIBOAKA AN-TANY I JAO, TSAROANY FAÑINTANAÑA NANDEHA TAMIN'NY RADIO NOMALY ALIÑY, TONGA DIA NARIANY KATINANY.
ÖDY MASIMINA A !


KARIBO.
AH ANAO MA ZIO TATO ?
MBOLATSARA. MALALAKA ANAO ATO ? NAVY ZAHO AI, ANDEHA ITALY AMINAO !!!
KARIBO MIPETRAKA, ZAHO HANOETRY KATAKATA TY BETIBETY FO.
AMBELAKO ANARÕ HAÑANO KORAÑANARÕ AI, ZAHO KOA AÑATOÑO 'RỸ NAMAKO AÑY.
AKÔRY ANAO ATO ? KIBONAO ? MANOMBOKO HITA IZY INDRIÔ.
SALAMA TSARA ZAHO ATO. BOAKA NITSAPA TAMY RASAZY TAÑY ZAHO NIANY.
NANAKÔRY IZY TAO ?
MIPITRAHA ETO ANAO
TSARA DRAKO ÉÉ . NANEGNINY ABY ZAHO TSY NITSAPA TAMY VESATRANAKAHY JIABY TALOHA.
TANTARÂ EKY BAKA.


NAHAZO TOROHEVITRY MARO TSARA ZAHO TAO.
NINO OHATRA ?
VOALOHANY, MANDRITRAN'NY TELO FANJAVA VOALOHANY AMIN'NY VESATRA, MILA MIHINA BE SADY MIHINA SAKAFO MIOVAOVA.
EFA RESAKA SAKAFO KOA ?
VO NAVY NIKORAÑA RAHA ZEÑY ZAHAY MIANAKA ABY TAO TALOHAN'NY ANDI-HANAKO ATŸ IO.
BOAKA IÖ, MANOMBOKO FAHAFITO FANJAVA, MILA AHEÑY FIHINANAÑA IRÖ SAKAFO MAMPABE TSAIKY KARAHA IRY BATATA, MAJÖLA, MAHÖGO, MIAMPY IRÖ HANIÑY VONDRAKA ABY 'REÑY. MILA MITAN-DRIÑY KOA AMY FIHINANAÑA SIRA MBA TSY HANONGA TOSIDRÀ SATRIA RAHA ZEÑY TEÑA LOZA HOAN'NY VIAVY MAVESATRA.
ZAHO NDRAIKY EFA ZATRA MIFADY SIRA KOA MAVESATRA.
TSY ZEÑY ...
AHEÑY FA TSY MIFADY, NITSINDRIANY TSARA RAHA ZEÑY TAO
ZEÑY MA ZIO, TSARY HAIKO ARAIKY ZEÑY.



ZEGNY AMIN' NY ANKAPOBENY NY MAHAKASIKY SAKAFON'OLO MAVESATRA, FA MBOLA TSY JIABY. MITODIHA AMBADIKY KOA FA VITA ILANY TY.
EFA VITA ? NALAKY
NALAKY FÕTONY ANAO VARIAÑA NITANDREÑY RAHA NITANTARAIKO TIÕ IÑY.
MARIÑY ZEÑY ! TSARA LOATRA ZIÑY NDRAIKY TSY AZOKO ONOÑO ABY FOTOAÑA MANDEHA.
ANKOATRAN'NY VESATRA, RASAZY TAO NIKORAÑA FAÑAMEZAÑA HANIÑY TSAIKY MADINIKY KOA. RANGO TSAIKY VO TERAKA ZISAKA TSÕTA FANJAVA , NONON-DRENY FO AMẼZAÑA TSAIKY.
ZEÑY FO MBA AMPY ?
NONON-DRENY IO FA MISY RAHA JIABY ILAIN'NY VATAÑA TSAIKY, AMPY MAHAVELOÑO IZY ZISAKA TSÕTA FANJAVA IO.
MAMPALAHELO 'RỸ ZANAKO, KAY TSY NETY FAÑAMẼZAKO HANIÑY IRÕ IÑY.
ANAO KARAHA JAY ?


ZAHO TAFANDINIKY RAHA NATAOKO TAMIN'IRY ZANAKO. AKÔRY KOA TOHINY AVY IÔ ?
TOHIZAÑA FO FAMPINONOAÑA ZISAKA TAOÑO AROE FARAFAHELINY ? SADY AMPIDIRIÑY MORAMORA FO KOA KARAZAN-KANIÑY HAFA. NAMBARANY TAO IRÕ TOMBON-TSOA MARO BE AZO AMIN'NY FAMPINONOAÑA TSAIKY TSISY FANGARONY AÑATIN'NY TSÕTA FANJAVA IO.
NONON-DRENY PARE LALAN-DAVA ! TSY ZEÑY ?
MAZAVA HOAZY. MAHAY RAHA ANAO. TSY MANDANY VOLA, MIARO AMIN'NY ARETIÑY KARAHA IRY FIVALAÑANA, SADY MISY VITAMINY MAMPITOMBO HERY FIAROVAÑA HOAN'NY TSAIKY, NO MIARO RENY MBA TSY HAVESATRA NDRAIKY AÑATIN'NY TSÕTA FANJAVA ZEÑY.
IZY AO MA EFA TSY MIZARA LAY MISY AODY MÔKO ?
HAHAHA, MBOLA MANDRASA, AMBESA ABOAKAKO ANAO NIHINAKAHY
LAY MISY ODY MO


HITANAO, RASAIGNY BÔJO.
SUPER MOUSTIQUAIRE
TSY AMIDY
ISAORAÑA ANAO NITANTARA RAHA JIABY ZEÑY FA ZAHO ITANAO IO MBA MAÑAVALIÑY EDŸ. ZAHO MBA HANDEHA AMY RASAZY AÑY KOA.
PARE, AMY KAMISY HOAVY IO ATSIKA MI-ARAKA FA ZAHO MILA MANDEHA AÑY HAÑANO VAKSINY.
AMBELAKO ANAO È , MISAOTRA FEKY TAMY RAHA JIABY.
AMBESA FA NASAKA KONY KATAKATA TY ATO, ATSIKA HIHINA.
AMY MAÑARAKA KOA FA EFA HARIVARIVA ANDRA TY AI.
SAMY MANDRY MIONJOÑO EDY FA AZA ADIÑA FO AMY KAMISY !


FAGNIVO,
MAVILA, AIA PAPANARÔ ?
IZY AMBODIMANGA ARŸ !
!
LERA ZIÔ TY ?
TSY EFA VARIAÑA
MIHINA KATY KOA !?
MIRAÑA TSY REÑINAO RAHA JIABY NIVOLAÑINDRÖ TAMY
RADIO TAO NOMOALY HARIVA IÑY AI ! ANAO MBALA MIHINA
KATY BE FO .
?


AIA KOA,
EFA NARIAKO. ZAHO OLO MANGALA TSITSIKO FO.
TSY TOKONY HANDEHA HAMONJY FIVORIAÑA AMIN'OLO JIABY AÑY MA ATSIKA ZIÕ ?
IA ,
MIAMBIÑY SAID FO ZAHO IO.
AH, IZY AVY IÑY !!!
AKÔRY EE!
MBOLATSARA ANARÔ, MIALA TSIÑY AMY FAHATARAÑA ...! MBA REÑINARÕ MA FANDAHARAÑA FAHASALAMAÑA NDRAIKY RAHAMANIRY AZO ATAO AODY TAMY RADIO NOMALY HARIVA IÑY !?
IA ,
MAÑANGY IÑY NIVOLAÑA TOSIDRÀ MANONGA NDRAIKY DIABĒTY.
HAHAHAHA,
MIRAÑA OLO MIPETRAKA ATY IÑY IZY.
HAINY RAHA JIABY ATAONTSIKA ISAN'ANDRA
TSY VÔLY IZY MIVOLAGNA ATSIKA MILA MIOVA AMY FAHAZARAN-DRAT-SINTSIKA IO. HEMPAKA ZAHO.
IA ,
MARIÑY ZEÑY
INO MA RAHA VOLAÑINARÕ ZEÑY ? ZAHO KONY TSY MAHARAKA AI.


TANDRIÑESA A ! TOSIDRÀ MANONGA ZEÑY ARETIÑY METY AVIAN-TSIKA HANJARY KILEMAIÑY, TSY AFAKA MIASA, NA MATY ILA. METY MAHAFATY FEKY. BOAKA AMY RAHA OHANINTSIKA FO NEFA MAHATONGA IZIO.
DIKAN'IZEÑY AZO SORO-HAÑA TSARA.
NANAKÔRY ?
AZONARÖ ONOÑO RAHA NAHAZO NAMANTSIKA IÑY. MBALA TANORA BE FA NATY ! FÖTONY TAPAKA LALANDRÀ. TOKONY DINIDINIHINTSIKA HELY FO. LOMBOLOMBON'IZEÑY KOA IZY AMIN'OLO MAVESA-TRA. MAHAVITA MAMONO TSAIKY ANKIBO. SADY ATSIKA KOA VOLY KATY, SIGARETY, TOAKA, MIHEÑY VOLA LANINTSIKA ANTOKANTRAGNONTSIKA AO.
IÖ KOA FIHINANAÑA SIRA BE LOATRA NDRAIKY RAHA VONDRAKA BE, AVIAN'NY TOSIDRÀ MANONGA ! MIHINA RAHA MAMY LOATRA KOA ? AVOAZAÑA DIABËTY. ... FIFOHAÑA SIGA-RETY , FIGIAHAÑA TOAKA, FIHINANAÑA KATY, JIABY ZEÑY AÑISAN'NY FAHAZARAN-DRATSY MANDROBAKA FAHASALAMAÑA.
TSISY RAHA MAHARATSY ZEÑY.
AH, MISAOTRA ANAO NIZARA VAOVAO. SAMBY HIËZAKA FEKY HAÑÖVA AMY FAHAZARAN-DRATSY ZEÑY BIAKA MBA SAMY HO SALAMA MPIHAVAÑA JIABY. SAMBIA TAFANDRY MANDRY ABY E, AMY MAÑARAKA KOA MANOHY KORAÑA !!!
TAPITRY

**Jardins du Monde** dia fikambanaña frantsay araiky, nioriñy teto Diego Suarez nanomboko tamin'ny taoño 2003. Tanjoño napetrany ny hañatsaraña toe-pahasalamañan'ny mponiñy 'zay tsy ampy fahafahaña na tsy afaka misitraka fitsaboaña amy dokotëra , hita amy fañamezaña lanja irö ravin-draha fatao aody ho an'ny fahasalamañan'ny mpiara-beloño.

**Ireto aby irö asa ataon'ny Jardins du monde** :

- Mañampy vahoaka amy fampahafantaraña ndraiky fampiasaña irö karazaña kakazo maniry fatao aody mba hitsaboaña teña : fañintanaña miaraka fampianaraña vondrom-piarahamoniñy misy an-tanàna ao; famokaraña zana-pandaharaña amy radio, fanamboaraña boky fampianaraña ndraiky karazaña torolàlaña
- Mañampy vahoaka biaka mba hisitraka zisky ëla fömba fitsaboaña teña: famboliaña kakazo, fananganaña tany famboliaña iraisaña ho an'ny fokonolo ndraiky ho an'ny sekoly, fañintanaña ndraiky fanabeazaña ara-tontolo iaiñana, fampiofanaña mömba famboliaña mañaja tontolo iaiñana.
- Mañamafy fifandraisaña ëfa misy amin'ny fitsaboaña dôkotera ndraiky fitsaboaña amy fömban-drazaña: fampiofanaña mpiasan'ny fahasalamaña, añatiny zeñy irö amy löpitaly marikitry vahoaka añy, irö mpañentaña ara-pahasalamaña, mpianatra ho mpitsabo mpañampy ; fañampiaña ara-pitaovaña ho an'ny lôpitaly; fañisàña ndraiky fampiofanaña irö mpitsabo mampiasa fömban-drazaña.

www.jardinsdumonde.org

jardins du monde

Misaotra ny mpiara-miasa :

© Jardins du Monde 2025

Edition
Jardins du Monde

# Jardins du Monde

36 cité BTM Scama
Antsiranana 201

madagascar@jardinsdumonde.org
+261 32 46 048 43

